# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY « VISIOCONFERENCE » ALAROBIA 14 APRILY 2021

**NATAO TAMIN'NY ALALAN'NY VISIOCONFERENCE NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY :**

## I- FAMPAHAFANTARANA :

**NOHAMAFISINA IREO FEPETRA HIADIANA AMIN'NY VALANARETINA COVID-19**

Noraisina nandritra ny Filankevitry ny Minisitra ireto fepetra ireto hiadiana amin'ny fihanaky ny valanaretina COVID-19:

- Ampitomboina ireo CTC mandray marary eto Antananarivo, hisokatra rahampitso ny etsy amin'ny EPP/CEG Manarapenitra Soamandrakizay, ireo « hotels/hopitaux » miisa 2 etsy Andavamamba Live Hotel sy Tsanga Tsanga Hotel etsy Analakely.

- Ny Tsena lehibe isan-kerinandro eto an-drenivohitra dia mitsahatra mba hisorohana ny fifamezivezena be loatra. Ireo tsenam-pokontany kosa dia ireo olona tokony hiantsena hividy ireo sakafo sy filàna andavanandro ihany no tokony hivoaka ny trano sy hakeny an-tsena.

- Ny razana dia tsy afaka mivoaka ny faritra ho an'ireo faritra 5 mikatona dia Analamanga, Sava, Boeny, Atsinanana, Nosy Be.

- Mbola mitohy ny fialan-tsasatry ny paska ho an'ny fianarana any amin'ireo sekoly sy ny Oniversite rehetra manerana ny Nosy.

- Hamafisina hatrany fa tsy andoavam-bola ny fanaovana fitiliana COVID etsy amin'ny HJRA sy etsy amin'ny Village Voara ary maimaim-poana ny fanomezana ny taratasy fanamarihana ny fitiliana. Toy izany koa ny fanaovana scanner mahakasika ny COVID eny amin'ireo hopitaly manarapenitra rehetra manerana ny Nosy.

**FAMATSIAN-DRANO FISOTRO MADIO NY FARITRA:**

Nomen'ny Filankevitry ny Minisitra alalana ny famatsian-drano fisotro madio any amin'ny distrikan'i Benenitra ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana.

**FAMPITAOVANA NY ZANDARY :**

Nankatoavin'ny filankevitry ny minisitra ny fitaterana an-tsambo ireo fitaovana fanomezana ho an'ny zandarimariam-pirenena miainga atsy la Réunion hamonjy aty Madagasikara.

**FIEVRE DE LA VALLEE DU RIFT (FVR) : Tsy mahazo mivoaka ny faritra misy ny aretina ireo biby fiompy, efa nalefa ireo fanafody fitsaboana ilay aretin'ny biby**

Tazo sy fahafatesan'ny omby aman'osy, na ihany koa fahafahan'ireo zanak'omby na zanak'osy any an-kibon'ireo omby vavy, ondry vavy sy osy vavy no fitrangan'ilay aretina antsoina hoe : « Fièvre de la Vallée du Rift » amin'ny biby fiompy mahazo ny omby sy ondry aman'osy ary mifindra amin'ny olona ihany koa. Amin'ny alalan'ny kaikitry ny moka no hifindran'ilay aretina amin'ny biby ary amin'ny alalan'ny fihinana hena manta, na ny ronono manta an'ireo biby mitondra ny aretina kosa no hamindrany amin'ny olombelona ankehitriny. Faritra 3 no ahitana azy io: faritr'i Diana, Boeny ary Vatovavy Fitovinany ao anatina kaominina miisa 35. Ny taona 1990 no nitrangan'io valanaretin'ny biby io voalohany teto Madagasikara ary isaky ny 10 taona no miverina izy io. Ny taona 2008 izy no isan'ny namono biby fiompy sy olona betsaka tamin'ny faritra maro.

Niroso tamin'ny famonjena ireo faritra voakasika ny ministera miandraikitra izany toy ny fandefasana fanafody ahitana ny « antibiotique, vitamines ary antiparasitaires » (Pen Forte, Gentanalgin, Oxyflunixin, Vitamine Alfavitasol poudre, Ashydeltrin). Ny fanaovana ny vakisiny ho an'ireo biby fiompy sy ny fanentanana ny olona tsy hihinana ireo biby fiompy matin'ilay aretina ary ny tsy famelana iro biby hivoaka ireo kaominina 35 ireo no isan'ny andraikitra raisin'ny ministera ankehitriny. Miara-misalahy ny ministeran'ny fambolena sy fiompiana ary Jono miaraka amin'ny ministeran'ny fahasalamam-bahoaka amin'ny fiarovana ny biby fiompy sy ny olona ary indrindra ny fisorohana ny fihanahan'ny valanaretina FVR. Miara-misalahy amin'ireo mpiara-miombon'antoka ihany koa izy ireo amin'ny fiadiana amin'ity valanaretina mandripaka ny biby fiompy any amin'ireo faritra 3 voalaza ireo.

# II- FANENDRENA :

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny didim-panjakana manendry ireto olom-panjakana ambony manaraka ireto

**<u>Araka ny tolo-kevitry ny Fiadidiana ny Governemanta</u>**

- **Atoa RAKOTOARISOA Miadantsata Indriamanga**, dia voatendry ho Sekretera Jeneraly eo anivon'ny Fiadidiana ny Governemanta.

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny ati-tany sy ny fitsinjaram-pahefana :**

- **Atoa RATIARISON Rostand Patrick**, voatendry ho lehiben'ny distrikan'i Antananarivo voalohany.
- **Atoa. RAFIDISON Fidèle,** voatendry ho lehiben'ny distrikan'i Anjozorobe

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Fahasalamam-Bahoaka**

- **Atoa HABIB Nouraly**, dia voatendry ho Tale mitantana ny Centre Hospitalier Universitaire Mahavoky Atsimo Mahajanga.
- **Atoa. RAJAONANAHARY Toky Mamin'ny Aina**, dia voatendry ho Tale mitantana Centre Hospitalier Universitaire Joseph Ravoahangy Andrianavalona .

**Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Indostria, ny Varotra ary ny asa-tanana :**

- **Ramatoa RAKOTOARIVONONA Njivatiana**, dia voatendry ho Tale misahana ny Emergence Industrielle.
- **Atoa. RABETANY Andriatsilavo Helisoa Jackob**, dia voatendry ho Tale misahana ny Professionnalisation de l'Artisanat.

**Natao androany faha 14 aprily 2021**
**Ny sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana**
**Eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**